# Ilay Voa Tsara Nafafy 06 Septambra 2018

# 6 Alakamisy septambra

**Ary tiava an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ary ny herinao rehetra.** Deoteronomia 6. 5

***(Hoy Jesosy :)*** **Tahaka ny nitiavan'ny Ray Ahy no nitiavako anareo ; tomoera amin'ny fitiavako ianareo.** Jaona 15. 9

## Tia an'Andriamanitra ve ianao ?

Efa ho roa taona aho izao no mampianatra SVT (Fahaizana amam-pahalalana momba ny Aina sy ny Tany) ao amina sekoly iray. Miandoha ny taona ; samy mameno taratasy fampahafantarana ny tenany avy ny mpianatra. Ao anatin'izany ny fanontaniana hoe : „Inona no tianao ?", mba hahafahako mahafantatra ny mpianatra sy mahita izay mahaliana azy. Somary mampihomehy ahy ny valinteny, indraindray : tiako ny fanatanjahantena, ny mijery fahitalavitra, ny mividy zavatra, ny mozika, ny fiainana, ny fiarakodia... Nampanahy ahy ny valinteny iray, hoe : tsy tiako ny SVT ! Fa nanohina ahy lalina kosa ilay valinteny hoe : „Tiako Andriamanitra".

Mba mahafaly erỳ ny mamaky io teny mahafinaritra fijoroana ho vavolombelona io ! Zazavavy mpianatra ao amin'ny kilasy fahadimy no nanome io valinteny maneho herimpo io. Tohina aho tamin'izany, ary tena faly mandra-paharivan'ny andro. Maro angamba ny mino an'Andriamanitra, amin'ireo zatovo ireo, fa ity zazavavy ity kosa dia nandeha lavidavitra kokoa : mino an'Andriamanitra izy, tia Azy, ary ambarany izany !

Dia tonga tato an-tsaiko ny fanontaniana hoe : Ary izaho moa, mba aiza ho aiza amin'izany ? Mba afaka manoratra ve aho hoe tia an'Andriamanitra ?

Hatramin'ny fahazazako aho no efa nampianarin'ny reniko ny finoana an'i Jesosy Kristy, ary namonjy fivoriana kristiana niaraka taminy. Mbola zaza aho dia efa nino ny Tompo Jesosy ; niankina taminy aho, ka manana fiainana mandrakizay. Tena nataon'Andriamanitra ho tia Azy aho. Fantatro fa voavonjy aho, ary an'ny Tompo.

Ankehitriny, nandeha ny taona ; tao ny tsara, tao ny ratsy ; fa ao anaty foko lalina ao kosa, dia anisan'„ireo izay tia an' Andriamanitra" aho. Apetrako aminy ny fiainako isanandro. „Isika tia, satria Izy efa tia antsika taloha" (1 Jaona 4. 19).